**Nataon' ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany



# Ny fianakaviana sy ny vavaka

Indray mandeha, rehefa nipetraka teo amin'ny sisimpandrian'ny raiko aho nandritra ny alina, dia niresaka momba ny fahazazany izy. Niresaka momba ny fitiavan'ny ray aman-dreniny nandritra ny fotoan-tsarotra izy ary momba ny fitiavan'ny Rainy any An-danitra sy ny Mpamonjy. Fantatro fa teo ambavahoan'ny fahafatesana noho ny homamiadana izy, ka dia tsy nahagaga ahy raha toa ka nisy fotoana nampifangaroany ny zavatra tsapany ho an'ny Rainy any An-danitra sy ny fitiavana ary ny hatsarampon'ny rainy teto an-tany. Matetika ny raiko no nilaza fa rehefa nivavaka izy, dia nieritreritra fa afaka nahita tao antsainy ny Ray any An-danitra izay mitsiky aminy.

Ny ray aman-dreniny dia nampianatra azy tamin'ny alalan'ny ohatra mba hivavaka toy ny miresaka amin' Andriamanitra ary Andriamanitra dia hamaly azy am-pitiavana. Nila izany ohatra izany mandra-pahafatiny izy. Rehefa nihanahery vaika ny fanaintainana dia hitanay nandohalika teo akaikin'ny fandriany izy ny maraina. Reraka loatra izy ka sahirana rehefa niverina teo am-pandriana. Nilaza taminay izy fa nivavaka foana mba hanontany ny Rainy any An-danitra hoe nahoana izy no tsy maintsy nijaly mafy kanefa niezaka foana izy ny ho olona tsara. Nilaza izy fa valinteny feno hatsaram-panahy no tonga nanao hoe: "Mila zanakalahy mahery fo Andriamanitra."

Koa dia naharitra hatramin'ny farany izy, nahatoky fa tia azy Andriamanitra, nihaino azy, ary hanohana azy. Notahiana izy fa nahafantatra hatramin'ny mbola kely ary tsy hanadino velively fa ny Andriamanitra iray be fitiavana dia azo hiresahana mandrakariva amin'ny alalan'ny vavaka.

Izany no antony nahatonga ny Tompo nampianatra ireo ray aman-dreny hoe: "Ary hampianariny ny zanany ny hivavaka sy ny handeha araka ny hitsiny eo anoloan'ny Tompo" (F&F 68:28).

Naverina tamin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy—niaraka tamin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny fanalahidin'ny fisoronana rehetra izay afaka mamatotra ireo fianakaviana—satria nivavaka tamim-pinoana i Joseph Smith fony izy zazalahy kely. Tao anatin'ny fianakaviana be fitiavana sy nahatoky no nahazoany izany finoana izany.

Roapolo taona lasa izay no nanomezan'ny Tompo ity torohevitra ity ho an'ny fianakaviana ao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao" avy amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: "Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia aorina sy voatahiry araka ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy."[1]

Tokony hanana fankasitrahana lehibe ho an'ny fianakavian'i Joseph Smith Mpaminany isika tamin'ny fomba nanabeazan'izy ireo azy. Ny fianakaviany dia naneho tamin'ny alalan'ny ohatra, tsy ny finoana sy ny vavaka ihany fa ny

fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy ihany koa.

Ireo taranaka izay handimby anao dia mety hiantso anao hoe sambatra noho ireo ohatry ny vavaka asehonao ao amin'ny fianakavianao. Mety tsy hitaiza mpanompo lehibe an' Andriamanitra ianao, fa afaka kosa, amin'ny alalan'ny vavaka sy ny ohatry ny fahatokiana asehonao, hanampy ny Tompo Jesoa Kristy hitaiza ireo mpianatra tsara sy malala.

Amin'ny zavatra rehetra mety hosafidianao hatao mba hanampiana ny Tompo dia ny vavaka no ho fototr'izany. Hita miharihary ireo olon-tsotra izay, rehefa mivavaka, dia mitaona ireo olona hafa hanokatra ny masony mba hijery hoe iza no hiresahany ao. Afaka ny ho tonga olona toy izany ianao.

Eritrereto ny mety ho dikan'izany amin'ireo olona izay miara-mandohalika aminao amin'ny vavaky ny mpianakavy. Rehefa mahatsapa izy ireo fa miresaka amin' Andriamanitra amim-pinoana ianao, dia hitombo ny finoan'izy ireo mba hahafahan'izy ireo miresaka amin' Andriamanitra ihany koa. Rehefa mivavaka ianao mba hisaotra an' Andriamanitra noho ireo fitahiana izay fantatr'izy ireo fa tonga, dia hitombo ny finoan'izy ireo fa tia azy ireo Andriamanitra ary mamaly ireo vavakao Izy ka dia hamaly ny vavak'izy ireo koa. Mety hitranga izany ao amin'ny vavaky ny mpianakavy raha toa ka efa nanana izany traikefa izany im-betsaka ianao tamin'ny vavakao manokana.

Mbola tahiana hatrany aho noho ny firesahan'ny raiko sy ny reniko tamin' Andriamanitra. Ny ohatr'izy ireo amin'ny herin'ny vavaka ao amin'ny fianakaviana dia mbola mitahy ireo taranaka izay nandimby azy ireo.

Ireo zanako sy ireo zafikeliko dia voatahy isan'andro noho ny ohatra nasehon'ireo ray aman-dreniko. Niampita tamin'izy ireo ny finoana fa mahare sy mamaly vavaka ny Andriamanitra iray be fitiavana. Afaka mamorona lova tahaka izany ao amin'ny fianakavianao ianao. Mivavaka aho mba hanaovanao izany.

**FANAMARIHANA**

1. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.

### MANKALAZÀ NY FAHA 20 TAONAN'NY FANAMBARANA MIKASIKA NY FIANAKAVIANA

"Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao" dia mampianatra ireo fitsipika izay mifanaraka amin'ny toe-javatra iainantsika amin'izao fotoana izao toy ny tamin'ny fotoana nampahafantarana izany voalohany tamin'ny 23 septambra 1995. Asao ny olona tsirairay na ireo fianakaviana izay ampianarinao mba hankalaza ny faha-20 taonan'ilay fanambarana amin'ny alalan'ny:

1. Fanaovana ny lisitr'ireo fitsipika voarakitra ao anatin'izany ka manan-danja manokana ho azy ireo. (Jereo ny fomba nanaovan'ny Filoha Eyring izany tamim-bavaka ao anatin'ny hafatra etsy ambony.)
2. Fifanakalozan-kevitra mikasika ny fomba ahafahan'ny fitsipika tsirairay mitahy azy ireo amin'izao fotoana izao sy amin'ny ho avy.
3. Fametrahana tanjona voafaritra mazava tsara mba hampiharana ireo fitsipika ireo eo amin'ny fiainan'izy ireo ary hizara izany amin'ny hafa.

## ZATOVO

### Manatsara ny fomba fivavaka

Nampianatra ny Filoha Eyring fa afaka ny ho voatahy ny fianakavianao amin'ny alalan'ny fifandraisana matanjaka anananao amin'ny Ray any An-danitra. Afaka manatsara ny fifandraisanao Aminy ianao amin'ny alalan'ny fanatsarana ny vavaka ataonao! Ireto misy hevitra vitsy ahafahana manao izany :

Alohan'ny hanombohanao ny vavakao dia makà fotoana fohy hieritreretana ny zavatra tianao hotenenina. Eritrereto ireo fanontaniana mety ananananao na ireo zavatra izay nanelingelina anao —Azonao soratana mihitsy aza izany mba tsy hanadinoanao azy. Ampiasao ihany koa io fotoana io mba hanadiovana ny sainao amin'ireo zavatra nisafotofoto nandritra ny andro mba hahafahanao mifantoka amin' ireo fitaomana malefaky ny Fanahy Masina. Raha mitady tsy hifantoka ny sainao eo am-pivavahanao, dia ezaho alaina sary an-tsaina ny Ray any An-danitra mihaino anao. Miresaha zavatra voafaritra mazava tsara. Mamelà ihany koa minitra vitsivitsy rehefa vita ilay vavaka mba hihainoana ny bitsiky ny Fanahy. Azonao atao ny manoratra ireo zavatra tsapanao ao anatin'ny diarinao.

Tsarovy fa miendrika asa ny vavaka, koa aza manahy raha mitaky fanazaran-tena izany na toy ny hoe sarotra! Ny ezaka ataonao amin'ny vavaka dia afaka manampy anao hanorina fifandraisana amin' Andriamanitra izay hitahy taranaka maro.

## HO AN'NY ANKIZY

### Fampatsiahivana mba hivavaka

Ny Filoha Eyring dia nampianatra fa zava-dehibe ny mivavaka miaraka amin'ny fianakavianao. Afaka ny ho ohatra ho an'ny fianakavianao ianao amin'ny alalan'ny fivavahanao isan'andro. Afaka mampatsiahy ny fianakavianao ihany koa ianao mba hiara-hivavaka isan'andro. Tsarovy ireto teny notsongaina tao amin'ny lahateny hafa nataon'ny Filoha Eyring ireto: "Maheno ny vavaka ataonao ny Ray any An-danitra. Tiany ianao. Fantany ny anaranao" ("Fanambarana mitohy," *Liahona,* nôv. 2014, 73). Soraty ao anaty karatra na sombin-taratasy ireo teny ireo ary apetaho eo amin'ny toerana talaky mason'ny fianakavianao rehetra izany. Amin'izay dia afaka hahatsiaro lalandava ianao fa ny Ray any An-danitra te hahare vaovao avy aminao!

© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 6/15. Fankatoavana ny Fandikana: 6/15. Fandikana ny *First Presidency Message, September 2015*. Malagasy. 12589 654

# Ireo toetra masin'i Jesoa Kristy: mahery sy be voninahitra

*Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantarana izay tokony hozaraina. Ahoana no ahafahan'ny fahatakarana ireo toetra masin'ny Mpamonjy mampitombo ny finoanao Azy sy mitahy ny fiainan'ireo olona izay iandraiketanao amin' ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny **reliefsociety.lds.org**.*

**Finoana, Fianakaviana, Fanampiana**

*Ity hafatra ity dia anisan'ireo andiana hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano izay maneho ireo toetra masin'ny Mpamonjy.*

Mampianatra antsika ny soratra masina fa i Jesoa Kristy dia "nandray ny hery rehetra . . ., na any an-danitra na ny ety an-tany, ary ny voninahitry ny Ray dia nomba Azy" (F&F 93:17). Ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza fa tamin'ny alalan'io hery io no naharian'ny Mpamonjy antsika ny tany sy ny lanitra, nanaovany ireo fahagagana, ary niaretany ny fanaintainana tao Getsemane sy Kalvaria.[1] Arakaraka ny hahatakarantsika izany no hitomboan'ny finoantsika an'i Kristy, ka dia ho lasa matanjaka kokoa isika.

Rehefa manao sy manaja ireo fanekempihavanan'ny Tempoly isika, dia mitahy antsika amin'ny Heriny ny Tompo. Hoy i Linda K. Burton, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany hoe: "Mampatanjaka sy manome hery ary miaro ny fitandremana ny fanekempihavanana. . . . Nihaona tamin'ny namana vaovao mahafinaritra iray aho vao haingana. Nijoro ho vavolombelona izy fa rehefa avy nandray ny fanafiana masina tany amin'ny tempoly izy dia nahatsapa ho nampatanjahan'ny hery hanoharana ireo fakam-panahy izay nanahirana azy teo aloha."[2]

Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny herin'ny fanekempihavanana i Nefia: "Izaho Nefia dia nahatazana ny herin'ny Zanakondrin' Andriamanitra fa izany dia nidina . . . tamin'ny vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo, . . . ary nampirongoana azy ho fiadiany ny fahamarinana sy ny herin' Andriamanitra tamim-boninahitra lehibe" (1 Nefia 14:14).

### *Soratra Masina Fanampiny*

Jeremia 51:15; Apokalypsy 1:6; Jakôba 4:6–7; Môsià 3:17

### *Avy amin'ny Soratra Masina*

Noho i Jesoa Kristy feno fangorahana lehibe ho an'i Marta sy i Maria dia nanangana an'i Lazarosy anadahin'izy ireo tamin'ny maty Izy tamin'ny alalan'ny herin' Andriamanitra izay nananany.

Tonga tao an-tranon' i Marta sy i Maria i Jesoa efatra andro taorian'ny nandevenana an'i Lazarosy toa am-pasana. Nandeha tany amin'ny fasan'i Lazarosy izy ireo, ary Jesoa nandidy ny hanesorana ilay vato nanarona ny fidirana. Niteny tamin'i Marta i Jesoa hoe: "Tsy voalazako va fa raha hino hianao, dia ho hitanao ny voninahitr' Andriamanitra?" Nivavaka tamin' Andriamanitra Ray izy avy eo dia "niantso tamin'ny feo mahery hoe: ry Lazarosy, mivoaha.

"Dia nivoaka ny maty nisy fehim-paty ny tànany sy ny tongony." (Jereo ny Jaona 11:1–45.) Mampiasa ny heriny ny Mpamonjy mba hanavotana sy hanomezana hery antsika. Hitombo ny finoantsika Azy rehefa tsaroantsika fa feno hery sy voninahitra Izy.

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny M. Russell Ballard, "Izao no asako sy voninahitro," *Liahona,* mey 2013, 19.
2. Linda K. Burton, "Ny hery sy fifaliana ary fitiavana avy amin'ny fitandremana ny fanekempihavanana," *Liahona,* nôv. 2013, 112.

### *Eritrereto Ity*

Amin'ny fomba ahoana no hampirongoan'ny herin' Andriamanitra antsika amin'ny hery sy voninahitra?

© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 6/15. Fankatoavana ny Fandikana: 6/15. Fandikana ny *Visiting Teaching Message, September 2015.* Malagasy. 12589 654